

**BEFANDRIANA AVARATRA**

**5**

# JIOLAHY ROA NOTETITETEHIN'NY FOKONOLONA TAMIN'NY FAMAKY

# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7839 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 06 aprily 2024

## HARENA AZO TAMIN'NY KOLIKOLY

**6**

# MBOLA TSY TAFEVERINA AMIN'NY FANJAKANA NY 90 ISANJATON'ILAY VOLA 111 MILIARA Ar



## MARINA IZANY !

**6**

## MITADY... OLONA !

## Csaroako ilay" ...

**2**

**MEICK**

### SAIKA LASAN'NY RANO TETSY IKOPA



## FIOMBONAN'NY MPIARA-MIASA - JIRAMA

**9**

### MANGATAKA HANENDRENA FARAN'IZAY HAINGANA NY TALE JENERALY RAIKITRA

## RUGBY - HERIVELONA

## RAMANANTSOA

**10**

### VONONA HAMERINA NY LAZAN'NY AFA ANKAZOMANGA

# Telma

MIRESAKA FOANA, ISAN'ANDRO, ISAN'ORA !

# M'Ora 500 500 Ar

ANTO MANKANY @TELMA SY NY TAMBAZOTRA HAFI MAHARIBY 1 ANDRO  
+ 25 SMS + 25 Mo

TSINDRIO NY #322\*20#

GCL 800/25-5



## Miantsenà miaraka @MVola

ALOAVY @MVOLA NY TSENANAO ENY @



TSINDRIO NY #111\*1#

NA AMPIASAO NY APP

# MVola

GCL 801/13-3

# «Saroako ilay»...


Meick

## Saika lasan'ny rano tetsy amin'ny ranon'lkopa

Mpanakanto sady mpanao fanatanjahantena i Meick na Jeremy (rugby). Hatramin'ny fahazazany izy no efa tao anatin'ny tontolon'ny rugby ary tamin'izay dia efa mpankafy ny lalao baolina lavalava. Nianatra tamin'ny sekolin'ny rugby mihitsy izy. Fa nanomboka ny taona 2015 kosa no tapa-kevitra ny hiditra ho mpanakanto ny lehilahy. Tao anatin'ny tarika Real Mix, fa ankehitriny efa mandeha ireny ny anarany hoe Meick. Hitantara ny fahatsiarovany kosa izy eto anio :

### Saika lasan'ny rano miodyna teo Ampasika

Teo amin'ny faha-12 taonany no niseho ity tantara iray sady mampivarahontsana no mampatahotra ity. Tantara izay nambarany fa tsy ho adinony mandrakizay satria saika namoizany ny ainy mihitsy. « Tsy avelan'ny ray aman-dreninay mivoaka izany izahay taloha. Indray andro anefa ny nenitoanany sy izaho ireny no teo an-tanana. Hanasa lamba eny amoron'ny ranon'lkopa izy, dia nentiny nanaraka azy aho. Rehefa tonga teny, nilalao niaraka tamin'ny bandy kely 4 aho. Nanamboatra lakana tsikafona izahay, dia mandefa an'iny amin'ny ranon'lkopa. Kanjo ny ahy lasa ampivoany. Dia nitsoraka nananjika an'ilay lakana kely aho nefa tsy mahay milomano nefa sendran'ny rano mihodina amin'ny lavapasika ireny. Vao nilatsaka tao anatin'ilay rano tonga dia nilentika nentin'ilay rano mihodina. Soa fa natsangako ny tanako, dia nisy ankizivavy sendra nilomano teo nisintona nanavotra ahy », hoy izy.



Metresy (mpampianatra vehivavy) adinina ao ampianarana. Misy ireo bandy jiolahimboto kely iray kilasy aminay ireny, zatra misangiangy sy manakorontana ao ampianarana. Indray mandeha notenenin'i Metresy aho hoe mankeny amin'ny tabilao. Ilay zavatra nampinaovina ahy efa tsy haiko, dia efa sahirana ny saiko. Kanjo vao nitsangana aho, dia nampidin'ny ilay bandy mpigafy ampianarana ireny ny patalohako. Tezitra mafy aho, ka nomeko ny totohondry avy hatrany ny oron'ilay zalahy. Torana avy hatrany ilay io sady niboba ra ny orony. Lasa nifamonjena tao ampiana-



rana. Dia tsy nohadinina intsony aho fa tonga dia nirava ny sekoly », hoy izy. **Prezida ny rugby zandriny indrindra** Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika azy tamin'ny rugby indray : « Izaho no anisan'ny zandriny indrindra tamin'ny mpilalao nefa izaho no prezida no sady mpampikotrana nanomboka tamin'ny taona 2018. Izaho no nitondra ny Klioba FTA Andohatapenaka diviziona 3 tamin'izany. Tsy nijanona teo fa tafakatro diviziona 2 tamin'ny 2021, ary ny tena nampiaiky ny olona dia izahay tafiditra manao famaranana foana. Ny taona 2023 teo

tafakatra diviziona 1 ny klioba FTA Andohatapenaka sady tafakatra famaranana, ka tompondaka lefitra tao amin'ny kianja Makis seksion Mamrovatana no misy anay tamin'izany. Amin'izao indray ny tenako, mamorona klioba vaovao, izany hoe izahay samy zanaky ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreninay. Ampifadraisiko amin'ny alalan'ny lalao rugby satria taranak'izany Rabetokotany izany eto Andohatapenaka dia mpanao rugby jiaby. Ny tena tafoko, ny hisian'ny fifandraisana matetika no sady mitaiza vatana mba tsy ho voasarika any amin'ny zava-mahadomelina sy ny fisotroana. Mitarika azy ireo hivavaka ihany koa », hoy izy.

### Vedetin'ny seho teny Ambohipo

Teny Ambohipo tamin'ny 6 novambra 2022 ity tantara iray ity : « Anisan'ny fahatsiarovana nahafinaritra ahy kosa teo amin'ny sehatra maha artista tamin'izaho niaka-tsehatra teny Ambohipo tamin'ny kianja filalaovam-baolina. Feno olona be mihitsy ilay kianja. Fa ny nahagaga ahy nianry ny fidirako Meick J izy ireo. Faly be ireo mpijery vao niditra aho, ka tena nampihetsi-po be aho ka nitombo hatramin'ny fitiavako mozika. Hay aho tena be mpankafy ka latsaka hatramin'ny ranomasoko mihitsy », hoy izy.

Nangonin'i Fy

### Aft - Fetiben'ny vaky boky

## Hanomboka ny 16 ka hatramin'ny 23 Avrily ny andiany faha-6

Miditra amin'ny andiany faha-6 amin'ity taona ity ny « Lire en Fête » izay karakarain'ny Alliance Française Antananarivo. Amin'ity taona ity dia hiompana amin'ny ny lohahevitra entina manamarika izany izay natao hampiray eo amin'ny fampiroboboana ny fanabeazana ny tanora, ary koa ny fampiroboboana ny vaky boky eto Madagasikara. Hanomboka ny 16 Avrily izao ny hetsika ary tsy hifarana raha tsy amin'ny 23 Avrily izay andro hanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny boky. Mandritra ny 7 andro dia maroloko ny hetsika entin'ny Aft Andavamamba manamarika izany izay ahitana fampirantiana, foara boky, fihaonana, fifaninanana ary zavatra tsy ampoizina maro isan-karazany. Araka ny lohahevitra hoe « tontolon'ny literatiora tsy hita maso » dia ahafahan'ny mpanoratra mamorona tantara mitondra any amin'ny toerana vaovao, mampahafantatra antsika ireo toetra miavaka, ary mikaroka ny halalin'ny traikefan'olombelona ny literatiora. Rehefa tsy ampy ny boky iray na andian-dahatsoratra iray mba hitehirizana ny harenan'ny tontolo noforonina dia eo no idiran'ny kanto manitatra ny tontolon'ny literatiora. Matetika ny mpanoratra sy ny mpamorona dia mahita fa midadasika loatra ny tontolo noforoniny tamim-pitandremana ka tsy azo trandrahana tanteraka amin'ny fitantarana tokana. Sehatra iray midadasika sy feno fahaiza-mamorona araka izany ny Literatiora.

### Roukiata Ouedraogo no renny mpiahy

Rtoa Roukiata Ouedraogo mpanoratra avy any Frantsa, teratany Borikinabe nahazo ny loka voalohany tamin'ny fifaninana « Prix de littérature Francophone » moa no Reny mpiahy ny fetin'ny vaky boky amin'ity andiany faha-6 ity. Izy no hanokatra ny hetsika amin'ny 16 Avrily manomboka amin'ny 2 ora tolakandro izay hihaonany sy hifampiresahana amin'ny mpanatrika sy ny mpanoratra ary mpamokatra sy ny mpampiely sy mpivarotra boky. Anisan'ny hahaliana ihany koa ny atrikasa « Storytelling » izay hahafantarana ny teknikan'ny fahaiza-mandahan-teny mba handresen-dahatra ny mpihaino izay tanterahina ny 17 Avrily amin'ny 3 ora tolakandro. Eo ihany koa ny ady hevitra mikasika ny sehatrasa azo trandrahana momba ny boky sy ny tontolony izay tanterahana ny 19 Avrily manomboka amin'ny 10 ora maraina. Fa ankoatra izay dia hisy ny fifaninana Slam mikasika ny lohahevitra hoe « La Vie des Seconds rôles dans la Litteratures izay tontosaina ny 20 Avrily manomboka amin'ny 2 ora tolakandro.

Afaka manatrika ity hetsika ho an'ny Fetin'ny vaky boky ity avokoa moa ny rehetra. Natao maimaimpoana ihany koa ny fanatrehana izany.

Marihana fa mifanindran-dalana hatrany amin'ny andro maneran-tany ho an'ny boky izay hankalazaina isaky ny 23 Aprily ny hetsika Fetin'ny vaky boky. Nentin'ny Unesco hahatsiarovana ny nahafatesan'ny mpanoratra 3 tamin'ny taona 1616 dia Miguel de Cervantes (Alcalá de Henares, Espana, 1547), William Shakespeare (Stratford-upon-Avon, Great Britain, 1564) ary ilay Poeta Espaniola Garciloso de la Vega (Toledo, 1501-03). Ny taona 1996 nandritra ny fivorian'ny Unesco no nanapahana ny datin'ny 23 Avrily ho andro maneran-tany ho an'ny boky.

Nangonin'i Tiaray R

### Fayonne Armada -Judicaël

## Hiaka-tsehatra any Lyon Frantsa, anio



Mitety faritra any Frantsa ry Fayonne sy Judicaël.

Efa tafapaka any am-pitan-dranomasina amin'izao fotoana ny lazandry Judicaël sy ry Fayonne Armada.

Nandritra ny fanafanana lanonana tamin'ny alatsinain'ny paska teo, tsy henoheno izy ireo na samy namoaka vazo vaovao azy. Maro mihitsy ireo mpankafy nianindrandra azy ireo teto antanindrazana indrindra teto Antananarivo sy ny manodidina. Ny antony ? - Tsy teto an-toerana ry zalahy ireto fa lasa nikopak'elatra nitety faritra any Frantsa. Efa nisy ny hetsika niakaran'izy ireo sehatra, fa araka ny programa, hiray sehatra amin-dry Ndongolah sy H'Mia any

Lyon i Judicaël sy Fayonne Armada, anio sabotsy 6 aprily 2024. Ho an'i Fayonne Armada, anisan'ny vazo vaovao nampahalaza azy tato ho eo ilay hoe :« Ino ratsy nifanaovagna », mitantara mpi-fankatia avy eto Imerina sy avy any amin'ny sisiny tsy avelan'ny ray aman-dreny hifanambady. Olona eo anivon'ny fiarahamonina izay nitadiavany vahaolana anatin'ny tononkirany io, ka asa izay ho vokany aoriana ao.

Fy



Rtoa Roukiata Ouedraogo mpanoratra avy any Frantsa, teratany Borikinabe no renny mpiahy ny fetin'ny vaky boky amin'ity andiany faha-6 ity.

Alahamadibe 2024

# Hankalazaina eny Ambatofahavalo ny 11, 12, 13 aprily ho avy izao

Efa hatrany amin'ny faha-mpanjaka (Ralambo 1475 - 1610) no nankalazana Alahamadibe.

Nandritra ny valandresaka nataon'ny Vondron'ny Mpandala ny Alahamadibe tetsy amin'ny IKM Antsahavola, omaly no nampahafantarantany izy ireo, fa hankalazaina eny amin'ny doany Mananara Ambatofahavalo ny talata 11, alarobia 12, ary alakamisy 13 aprily ho avy izao ny Alahamadibe 2024. Hifanindra andalana amin'izany ny fitoka-



Ireo Vondron'ny Mpandala ny Alahamadibe nanao fanambarana tetsy Antsahavola omaly. (Sary : Niry R.) nanao Lapan' Andriamanandroanio. Maro ny fomba atao mandritra ny fankalazana. Ao anatin'izany ny fidiavana ho famaranana ny volampam-

dina - ny alindratsy (mamono voalavo, mam-pody vady nisintaka, sns) - Harendrina (handroahana ny fanahy ratsy) - Tsiman-

drimandry (fotoana fifandraisana amin'ireo fanahy) - Fandroana (fidiovana ho fandraisana ny Alahamadibe) - Afotsimaty (fampitohizana

ny taona lasa amin'ny taona vaovao) - Fo tsy aritra (fanaovana sorona akoho mbola tsy vaky masoandro ho fanasana ireo fanahy mba hanatrika ny fankalazana ny Alahamadibe) - Tatao (fizarana vary sosoa ho fangatahana ny soa sy ny tsra hoentiny taona vaovao) - Dihiny ntaolo - Tolotra hasina (fanaterana hasina ho an'ny Alahamadibe) - Tsitsika Alamady (fangatahana amin'ireo fanahy izay mahaso sy mahatsara) - Joro Alahamady (famonoana omby) - Zara hasina (nofonkena mitam-pihavana ifanolorana haja sy novninahitra amin'ireo mpa-

natrika). Ary faranana amin'ny tsodrano.

Tsy mamorona fa mamelo-maso

Notsiahin'ireto Vondrona Mpandala ny Alahamadibe ireto, fa fomban-drazana traininy nentina nakalazana ny (taombaovao malagasy) teto Imerina ny Alahamadibe. Efa hatrany amin'ny faha-mpanjaka (Ralambo 1475 - 1610) no nankalazana Alahamadibe. « Tsy mamorona fa mamelo-maso isika. », hoy izy ireo. Araka izany, dia manasa ny Malagasy tsivakivolo mba hanatrika izany fankalazana mandritra ny telo andro eny Ambatofahavalo Atsimondrano izany izy ireo. Niry R.

Faritany TEM Vakinankaratra

## Mpilasy 240 no nandray fanabeazana tamin'ny " Lalao lakana "



Nijanona tao amin'ny toerana nanaovana ny lasy moa ny lakana mialoha ny handehanany any amin'ny faritra hafa.

Anisan'ny nanamarika ary nasongadina nandritra ny fankalazana ny faha-100 taonan'ny Tily eto Madagasikara ny « Lalao Lakana ». Nandray anjara amin'izany avokoa ny Faritany Tily misy eto Madagasikara ka tafiditra ao anatin'izany ny Faritany Tily Vakinankaratra Antsirabe. Nandritra ny lasim-paritany izay notanterahana tany M i a d a n a n d r i a n a Disitrikan'Antanifotsy nanomboka ny 01 avrily teo izay hifarana anio no nanatanterahana ireo hetsi-panabeazana sy lalao maro ho an'ny Tily ao Vakinankaratra. Mpilasy tsy latsaky ny 240 avy amin'ny

toerana 50 mandrafitra ny TEM Vakinankaratra no nandray izany. Tsimplara Hentitra moa no filohan'ity Lasim-paritany ity izay natrehan'ny Filoham-paritany TEM Vakinankaratra Randrianarivo Alain. Nijanona tao amin'ny toerana nanaovana ny lasy moa io lakana io mialoha ny handehanany any amin'ny faritra hafa. Ho an'ny anio dia ao amin'ny FJKM Tsaravavaka indray no handalovan'ny lakana, hihazo an'Ambohitribanibe izany avy eo. Mandalo ao Betafo ny 12 Avrily. Mialoha ny hametrahana azy ao amin'ny Faritany Tily Menabe dia

mbola handalo ao amin'ny FLM Ankazomiriotra sy Ambatolahy ny « Lalao Lakana ». Marihana fa ny 18 Marsa lasa teo no nandray ny « Lalao Lakana ny Faritany TEM Vakinankaratra ary nisy ny hetsika nanamarihana izany. Hatramin'io fotoana io mandra-pahatongan'ny Lasim-paritany ny 1 Aprily dia tao amin'ny governoran'ny Faritra Vakinankaratra no nametrahana ny Lakana. « Ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara ». Ao anaty lakana dia misy ny singa rehetra entina amin'ny fanabeazana eo anivon'ny TEM. Tiaray R

### FIHENAMBIDY GOAVANA BE!

HATRAMIN'NY **-40%**

<b>BALLON CABINE</b>	<b>POMPE À EAU</b>	<b>JOINT DE CULASSE</b>
<b>GLOBE OPTIQUE</b>	<b>PALE</b>	<b>FILTRE À GAZOIL, À AIR</b>
<b>PLAQUETTE DE FREIN</b>	<b>DISQUE DE FREIN</b>	<b>EMETTEUR D'EMBRAYAGE</b>

...sy pièces maro be hafa koa!

**S.T.D**  
PIECES DETACHEES  
POIDS LOURD

Mercedes-Benz SCANIA RENAULT TRUCKS DAF

**034 07 219 53**  
**032 07 219 53**

### PETITES ANNONCES Gazetiko

**MIVIDY**

\* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, deba- ra sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 793/20-4)

**A VENDRE**

\* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B,

QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-1)

**COURS**

\* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 792/7-4)

**VIDANGE**

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-14)

**MITADY ASA**

\* Mitady asa - Femme de ménage ou nounou. Tél : 034.90.866.97. (G-BA 795/2-2)

Amboasary avaratra - Anjozorobe

# Lehilahy hita faty tao amin'ny renirano

Lehilahy iray 28 taona no hita faty tany amin'ny reniranon'i Lakazana any amin'ny toerana antsoina ho Andriambe any amin'ny fokontany Ankindodonana, ao anatin'ny kaominina Amboasary avaratra, distrikan'Anjozorobe, afakomaly tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro. Hatairana ny an'ny olona any an-toerana raha nahita ity faty ity tany anaty rano tao. Vetivety dia nahoraka teo an-tanàna ny mikasika ny zava-nisy ka nandeha nankany amin'ilay toerana nahitana ny razana ny fokonolona ary nitan-gorona nijery izany teo. Nampiakarina an-tanety ilay faty avy eo ary fantatry ny olona avy hatrany ity lehilahy namoy aina ity satria dia olona mipetraka eny amin'ny



Ilay lehilahy hita faty.

manodidina eny ihany, ao anatin'io fokontany voalaza etsy ambony io. Araka ny fanazavana dia nilaza ny olona tany an-toerana fa niampita ny renirano ity lehilahy ity. Nibolisatra izy ka latsaka tao anaty rano lalina. Dia tsy nipoitra tao intsony fa

nilentika. Efa nampandre-nesina ny zava-nitranga ny zandary miandraikitra iny faritra iny ka nidina ifotony tany an-toerana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSB-II Amboasary avaratra. Nilaza ny mpitsabo fa fahasemporana no naha-

tongany fahafatesany. Marihina fa tsy salama saina ity lehilahy hita maty andrano ity, hoy hatrany ny fanazavana. Taorian'ny fihazana dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana.

T.H

Tanjombato

# Halatra tao amin'ny orinasa iray, olona 11 nidoboka am-ponja



Misy amin'ireo voasambotra no mpiasan'ny orinasa toy ny mpiambina, magasinier, maintenancier ary mpamily.

Entana mitetim-bidy 175 000 000 Ariary no nisy nangalatra tao amin'ny orinasa iray teny Tanjombato. Fantatra fa kofehy fanamboarana akanjo izay tsy misy eto amintsika milanja 596 kilao no very tamin'izany. Olona 11 no voasambotra mikasika ity raharaha ity ka misy mpiasa ao amin'ilay orinasa ihany. Nandritra ny andro iray tsy niasana no nanatanterahan-dry zalahy ny asa ratsiny. Samy manana ny anjara asany avokoa ireo

mpiasa tao amin'ilay orinasa nandray anjara tamin'ity halatra ity ka tao ny mampiditra malalaka ny mpangalatra. Nisy koa ny nitondra ny fanalahidin'ny trano namoahana ny entana halatra sy nanampy tamin'ny fitaomana izany. Ny hafa nitatitra ny entana avy nangalariny nankany amin'ny mpandray azy. Nisy ihany koa ny nana-paka ny jiro tao amin'ny orinasa mba tsy ho voarakitry ny caméra de surveillance ny horonan-tsary. Nanampy an-



Anisan'ireo entana halatra tra-tehaky ny mpitandro filaminana.

dry zalahy nanatanteraka izany ireo mpiray tsikom-bakombataminy.

Nitory

Hatairana ny an'ny tompon'ny orinasa raha vao nahafantatra mikasika ny fisian'ity asa ratsy ka tsy nipetratsiny fa nitondra ny raharaha teny anivon'ny manampahefana, nandeha nametraka fitoriana tany amin'ny borigadin'ny zandary eny Andoharano-fotsy. Nilaza rahateo ny mpi-

tory fa raha tsy hita ireo entana very dia tsy maintsy handalo "chômage technique". Nandeha avy hatrany ny famotorana ka dia izao tratra izao ireo olona 11 izay misy amin'ireo ny mpiasan'ny orinasa toy ny mpiambina, magasinier, maintenancier ary mpamily. Dia ireo naiditra am-ponja io izy ireo taorian'ny famotorana nataon'ny mpitsara. Araka ny fantatra dia efa tafaverina ny ankamaroan'ireo entana very.

T.H

Maroantsetra

# Ankizivavy 11 taona naolan'ny raikeliny

Ankizivavikely 11 taona no voalana tany amin'ny distrikan'i Maroantsetra ary fantatra fa ny raikeliny ihany no nahavita izay. Tany amin'ny fokontany Ankiakalava tany anatin'io distrika io no nitrangan'izany

Ny zavatra tsy nampoizin-dralehilahy anefa dia niverina tampoka tao an-trano ilay renim-pianakaviana.

ny 28 martsa lasa teo. Miaramipetraka izy ireo ary nandeha nivoaka ny trano ilay renim-pianakaviana fa nisy dia nalehany. Nandritra izany tsy nahatao an-trano ny renin'ilay zaza izany no nanararaotan-dralehilahy nanatanterahana ny filan-dratsiny tamin'ilay zana-badiny. Ny zavatra tsy nampoizin-dralehilahy anefa dia niverina tampoka tao an-trano ilay renim-pianakaviana ka tratra am-bodiomby teo am-panaovana ity fihetsika mamohetra ity ralehilahy.

Nandrahona

Ity farany indray anefa avy eo no nandrahona ilay renim-pianakaviana sy ilay ankizy mba tsy hilaza ny zava-niseho any aman'olona. Tsy nanakana ilay renin-jaza nandray fepetra anefa izany satria dia nentina tany amin'ny manam-pahefana ity raharaha ity. Lasa nanatona tany amin'ny biraon'ny polisy nametraka fitoriana avy hatrany izy. Dia nokarohana ilay lehilahy izay 32 taona ka voasambotra ny talata lasa teo izy. Nentina nankany amin'ny biraon'ny kaomisaria tany Maroantsetra, notanana tany ary natao famotorana. Vita ny fakàna am-bavany teo anivon'ny mpitandro filaminana ka niakatra fampanoavana omaly ny raharaha.

T.H

Fenoarivo

# Môtô nifandona, olona roa naratra

Môto scooter roa no nifandona teny Antandromby Anosizato afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora maraina. Môto scooter natao taingin-droa avy any Ampitafika no nifandona tamin'ny môto scooter iray hafa nanapa-dalana tampoka. Ka naharatra ireo mpitondra môto roa ireo izay efa nentina namonjy hopitaly notsaboina taorian'izay. Nahitana fahasimbana goavana ihany koa ireo môto nifandona. Ankoatra izay dia môto iray hafa ihany koa no nandona olona niampita arabe teny amin'ny rocade mampitohy an'lvato sy Tsarasaotra afakomaly tokony ho tamin'ny 5 ora sy fahefany hariva. Avy any Tsarasaotra hihazo an'lvato ilay kodiaran-droa no nifanehatra tamin'ilay mpandeha an-tongotra. Naratra vokat'izany ity farany ary efa nentin'ilay mpitondra môto notsaboina avy hatrany tany amin'ny tobim-pahasalamana. Nahitana fahasimbana ihany koa ilay môto tamin'io fotoana io. Efa tonga teny an-toerana nanao fitsirihana ihany koa ny zandary raha vao nahafantatra mikasika ny loza. Resaka lozam-pifamoivozana izay ihany dia Fiara roa no nifandona teny Mandrosoa Ivato afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany alina. Soa aloha fa tsy nisy olona naratra vokat'ity loza ity fa ireo fiara roa no nahitana fahasimbana. Efa tonga nidina ifotony teny amin'ny toerana nisehoan'ny loza ny zandary ka fantatra tamin'izany fa vokatry ny fahamamoana teny am-pamiliana no anton'ny loza ary efa notanana tany amin'ny zandary io mpamily io.

T.H

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Befandriana Avaratra

## Jiolahy 2 notetitetehin'ny fokonolona tamin'ny famaky

Jiolahy roa no matin'ny fitsaram-bahoaka tao Befandriana Avaratra, omaly tokony tamin'ny 9 ora sy sasany maraina. Raha ny fanazavana dia nisy fanafihana narahana vono olona ny herinandro lasa teo tao amin'ny tanàna kely tsy lavitra an'Ankobakobaka. Olona 4 no voarohirohy tamin'io raharaha io ary voasambotry ny zandary. Vahiny, mpilavinahitra avy ao Morafeno no lasibatry ny fanafihana. Omby 10

ihany koa no lasan'ireo olondratsy ary novonoin'izy ireo ny raim-pianakaviana. Voasambotra ny roalahy voalaza fa nandray anjara tamin'ny ilay fanafihana ka noentina nanaovana fanadihadiana tao Befandriana avaratra. Tonga teny amin'ny biraon'ny Zandary anefa ireo tomponkavana very omby sy ny havan'ny maty nangataka ireo olona voarohirohy mba hatolotra azy ireo. Nandritra izany no votsotra ireo olona

voatazona ireo ary tsy voafehy ireo andian'olona. Tra-tehaky ny fokonolona izy roalahy ka niharan'ny fitsaram-bahoaka. « Nanamparan'izy ireo ny hatezerany. Notetitetehin'ny vahoaka tamin'ny antsy ireto olon-dratsy ka maty tsy tra-drano. Ny anakiray tena tapaka mihitsy ny tendany. « Tonga tao Befandriana Avaratra ny fianakavian'ireo olona ireo. Nanomboka nihanafana ny toe-draharaha ary niezaka

nanaparitaka azy ireo tamin'ny alàlan'ny tifi-danitra ny mpitandro filaminana fa tsy nampihemotra ny fokonolona. Tamin'izany no votsotra ilay voalaza fa nahavanondoza ka notetitetehin'ireo fokonolona ary noesorina ny lamba notafiany mba hiboridana. Noraràna sy norahonan'ny fokonolona tamin'ny antsy lavalela ihany koa ny mpanao gazety mba tsy haka sary » : hoy ny loharanom-baovao avy any-an-toerana. Deyland



Niharan'ny fitsaram-bahoaka.

## Ady atao amin'ny fiparitahan'ny basy

## Mihena ny tahan'ny olon-tsotra manao fanambarana fitazonana fitaovam-piadiana any amin'ny atitany

Nitsangana ny vondron'ireo rantsa-mangaika samihafa hifehy ny sehatry ny fitaovampiadiana. Nisy ny fivoriana natao niompana tamin'izany teny Ampahibe, izay notarihin'ny Ministry ny Foloalindahy, ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin, omaly. Ity Vondrona ity dia eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Foloalindahy, hikambanan'ny andrim-panjakana maro lafy, ahitana ireo departemanta eo anivon'ny Ministera isantsokajiny, ny fiarahamonim-pirenena, ary ny mpivarotra basy (NERON). Tanjona ny hifehezana ny fiparitahan'ny basy, izay anisan'ny fototry ny tsy fandriampahalemana eto Madagasikara. Izany hoe raha manana basy ny olona iray dia natao hitondra fahalemana ho an'ny mpiray tanindrazana fa tsy sanatria ka hoe afenina. Tsapa araka ny loharanom-baovao azonay fa



Santionany amin'ireo basy tsy ara-dalàna saron'ny mpitandro filaminana.

mihena ny tahan'ny olona manao fanambarana fitazonana fitaovam-piadiana any amin'ny atitany. Betsaka araka izany ny basy mivezevy eny an-tanan'ny olon-

tsotra no tsy ara-dalàna. Ireo olona manana fo tsotra kosa no mba manatanteraka izany. Nanazava ny tomponandriakitra fa tsy natao hisintomana ny basy eny an-tanan'ny olon-

tsotra no anton'ny hanaovana ny volavolan-dalàna mifehy ny fitaovam-piadiana fa mba hahafahana mifehy ny fisian'ny basy izay miparitaka eto Madagasikara. Tsy maintsy

havaozina isan-taona raha-teo ny taratasy momba izany, raha ny tokony ho izy.

## Fihazakazaky ny fitaovam-piadiana

Anisan'ny toromarika nomen'ny Ministry ny foloalindahy ho an'ireto teknisianina malagasy miasa momba ny ady atao amin'ny fiparitahan'ny basy ireto ny hamitana hain-gana ny fanovàna ny lalàna mifehy ny basy, izay efa novolavolaina tamin'ny taona 2018. Mbola tsy tody hatramin'ny farany ny fandrafetana ilay lalàna ka araka ny torohevitra nomen'ny Minisitry dia tokony hampitovy fomba fijery ireto vondrona ireto ny amin'ny fanatanterahana izany ary hametraka ny firaisankina. Misy ny ambana maro manerana izao tontolo izao ary miova sy mihazakazaka mifanaraka amin'izany fihazakazy ny fitaovam-piadiana. Noho

izany indrindra no anton'ny tokony handinihana ny olana ary hananaovana jery todika ny amin'ny ezaka efa vita sy izay mbola tokony hatsaraina. Taorian'izay dia nitohy tamin'ny famelabelarankevitra nataon'ny orinasa Miaramila ny fivoriana, notarihin'ny Jeneraly Randriamiaramana Emma. Nojerena manokana ny rindran-tsaina hiadiana amin'ny fiparitahan'ny basy tsy ara-dalàna eo amin'ny sehatry iraisam-pirenena sy eto Madagasikara. Tafiditra amin'izany ny basy mahery vaika fampiasan'ireo mpitandro ny filaminana sy ireo manampahafana hafa toy ny fandraharahana ny fonja sy ny fadintseranana izay mampiasa basy ihany koa ary ny basy ampiasian'ny olon-tsotra.

Deyland

## Alatsinain'ny paska

## Tovolahy 3 hita faty an-drano

Raha tao amin'ny faritra antsinanana manokana dia fatin-dehilahy iray no hita teo amoron-dranomasina teo antsinanana ny fokontany Ampataomaizina, kominina Ambinaninony distrikan'i Brickaville, ny alatsinain'ny Paska teo. Tovolahy sahabo ho 18 taona eo ho eo io namoy ny ainy io. Raha ny nambaran'ny zokiny lahy dia nisy lanonana nataon'izy ireo tany Ambila lemainty. Nanomboka ny alatsinain'ny paska teo izy no tsy hita. Rehefa nokarohina dia izao hita faty izao. Araka ny fihazana nataon'ny dokotera dia fahasemporana tany anaty rano no voalaza fa nahatonga ny fahafatesana. Efa nentin'

ny fianakaviny any Brickaville moa ny razana rehefa vita ny fihazana rehetra.

## Beambiaty

Nahitana olona maty andrano ihany koa tao amin'ny sampandrano hihaonan'ny vavaranon'i Manafona sy ny vavaranon'i Beambiaty any amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy, ny alatsinain'ny Paska. Tovolahy sahabo ho 21 taona io namoy ny ainy io. Araka ny fitantaran'ny olona nipetrahany dia isan'ny olona nandeha nitsangatsangana ity tovolahy ity. Tsikaritra ny olona ho mamomamo izy tamin'io andro io ary tsy nody ihany koa, izao izy hita faty anaty rano izao.

## Morafenobe

Lehilahy iray hafa ihany koa no hita faty tao amin'ny kaominina ambanivohitra Beravina, distrikan'i Morafenobe. Natsingevan'ny rano ao amin'ny reniranon'i Androtra io olona io. Hita faty efa tsy miakanjo intsony fa kiloaty kely sisa no teny aminy. Nitsikafona teny ambony rano misy baratata maniry ny razana ary efa misy fahasimbana. Araka ny filazan'ny mpitsabo izay nitsirika teny an-toerana dia eo ho eo amin'ny roa andro no nahafaty ilay tovolahy. Ny fianakaviny ihany koa nanamafy fa mamomamo nisotro tany amoron'ny reniranon'ny Androtra io tovolahy io ny



Nitangorona ny fokonolona nizaha ny razana tao amin'ny vavaranon'i Beambiaty.

alatsinain'ny Paska teo. Nody irery izy tamin'io andro io izao hita faty izao. Efa

natolotra ny fianakaviny ny razana taorian'ny fahavitan'ny fitsirihana nataon'ireo

mpitsabo sy ny mpitandro ny filaminana.

Deyland

Harena azo tamin'ny kolikoly

# Mbola tsy tafaverina amin'ny fanjakana ny 90 isanjaton'ilay vola 111 miliara Ar

Mihisatra ny asa famerenana amin'ny fanjakana ireo harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna. Raha ny nambaran'ny Tale Jeneralin'ny ARAI dia isan'ny antony mahatonga izany ny lalàna.

21 volana aty aorian'ny nandrasan'ny Tale Jeneralin'ny ARAI, Atoa Rasoloharimanana Aimé, ny asany, mbola tsy tafaverina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ilay vola 111 miliara Ar, fananana azo tsy an-drarin'ny, efa voamarina tamin'ny fanadihadiana nataon'ny Fitsarana miady amin'ny kolikoly (PAC). Araka ny tatitra nataon'io Sampandraharaha Misahana ny Famerenana amin'ny Fanjakana ny Harena Rehetra azo tamin'ny tsy Aradàlana teny Ambohijanaka omaly mantsy dia 6, 3 miliara Ar hatreto ny vola novejain'izy ireo tamin'ny taona 2023 iny raha toa ka 5 miliara Ar ny tamin'ny roa taona lasa. Ny dikany, raha jerena maimaika ny zava-misy dia mihisatra ny asa famerenana amin'ny fanjakana ireo harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna ireo satria raha atambatra dia vao eo ho amin'ny 12 miliara Ar eo izany hatreto ny vola nogia-



Nampahafantarina teny Ambohijanaka omaly ny tatitry ny asa vitan'ny ARAI tamin'ny 2023.

zana sy tafaverina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Raha tsiahivina, efa nilaza ny Tale Jeneralin'ny ARAI fa ny ankamaroan'ireo didim-pitsarana mikasika ny fananana voageja na nogiazana navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny kolikoly dia efa eo am-pelatanan'izy ireo. Voalaza tamin'izany fa ankoatra ny lalàna mikasika ny famerenana amin'ny fanjakana ireo fananana azo tamin'ny tsy rariny ireo dia isan'ny antony mbola mampihisatra ny asan'izy ireo ny tsy fahampian'ny fitaovana sy ny hoentimanana eo anivon'ity sampandraharam-panjakana miady amin'ny kolikoly.

**Tsimatimanota**

Dia tsy nanao bemaharenina

izany ny fitondrana foibe ka isan'ny natao vaindohan-draharaha nandritra ny Filankevitry ny Minisitra notarihin'ny Filoham-pirenena tamin'ny volana Aprily tamin'ny taon-dasa ny mikasika izany. Nankatoavina tamin'io fotoana io ny fanomezana tetibola fanampinyentina handoavana ny tambinkarama isan-karazany sy hampihodinana ARAI ary hividianana fiara ho an'ireo mpiasa. Efa nilaza moa ny Filohan'ny Repoblika raha nanatrika ny fianianan'ny Tale Jeneralin'ny ARAI teny amin'ny Fitsarana Tampony Anosy tamin'ny 02 jona 2022 fa tsy mijanona amin'ny ady amin'ny kolikoly fotsiny ny laharam-pahamehan'ny fitondrana

ankehitriny fa eo ihany koa ny famerenana ireo vola azo tamin'ny fomba tsy aradàlana ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana. Na eo aza izany rehetra izany, dia nilaza Ing. Rasoloharimanana Aimé nandritra ny famoahana ny tatitra omaly fa mitohy ny asa ary tsy maintsy hatao izay hamongorana ireo tsimatimanta mahatonga ny firenena tafalatsaka lalina anatin'izao fahantrana lalina izao. Dia ho hita eo ny tohiny satria heverina fa afahana mamaha amin'ny ampahany ny olana ara-tsosialy mampikaikaika ny ankamaroan'ny Malagasy ankehitriny io volabe 111 miliara Ario.

Mamy R.

## Marina izany !

### Mitady... olona !

Mbola mitoetra ny olana mahakasika ny herinatra sy ny jiro vokarin'ny orinasa Jirama. Delestazy moa no ahalalana azy mahazatra. Mahakasika izay dia niaka-tsehatra ireo mpiasa avy amin'ireo sendikà samihafa eo anivon'io orinasa io. Raha miainga amin'ny zavatra nambaran'ny dia mitady... olona izy ireo, ary olona tompon'ny andraikitra, hatao Tale jeneraly hitantana ity orinasa miankina amin'ny fanjakana ity. Efa ela tokoa mantsy no tsy mbola nanana Tale jeneraly ity orinasa ity. Raha ny fahitan'ireo mpiasa ireo anefa dia avy amin'izany no anisan'ny mbola tsy mety maha-voavaha tanteraka ny olan'ny famatsiana herin'aratra. Izay ny eo amin'ny lafiny sôsialy sy mahakasika ny fiainam-bahoaka fa eo amin'ny lafiny pôlitika kosa dia ny raharaha mahakasika ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana depiote izao no mbola anisan'ny mitana ny sain'ny maro sy ny mpanara-baovao. Mbola mitsitaitaika aloha hatramin'ny omaly izay fametrahana antontan-taratasy filatsahan-kifidiana depiote izay. Saika ireo kandidà mahaleotena na kandidà avy amin'ny mpanohitra no efa betsaka nandatsaka. Fa ho an'ny miara-dia sy manohana ny fitondrana kosa mbola tsy dia hita taratra loatra hatreto. Fa inona tokoa no anton'ny mampihisatra na tsy maha-voatendry ny Tale jeneralin'ny Jirama? Torak'izany koa ho an'Antananarivo renivohitra, inona no mbola tsy mety mampivoaka ny anaran'ireo ho kandidà miara-dia sy manohana ny fitondrana? Raha tsy hoe mbola mitady ... olona !

Lucien Raharison

Vaovao mahallana ve ?



Andry Rajoelina

# Nahazo fanasana manokana avy amin'ny fanjakana Rwandais

Matotra sy mihamafy hatrany ny fifandraisana eo amin'ny Madagasikara sy Rwanda. Vao tsy ela izay fa ny volana Aogositra 2023 lasa teo dia nanatanteraka fitsidihana ara-pomba ofisialy tany Kigali Rwanda ny filoha Andry Rajoelina. Anisan'ny nanamarika ny diany tany an-toerana ny fanamafisana ny fiaraha-miasa sy hanatanterahana tetikasa maro eo amin'ny sehatry ny fandraharahana, ny indostria, ny varotra sy ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany. Nivohitra nandritra ny fitsidihana nataon'ny filoha tany Rwanda ihany koa ny fifanaovan-tsoniam-piaraha-miasa teo amin'ireo sehatra tsy miankina avy amin'ny firenena roa tonta. Raha ny vaovao azonay dia nanainga omaly alina hihazo an'i Kigali renivohitr'i Rwanda ny filoha



Efa nigadona any Rwanda ny filoha Rajoelina.

Andry Rajoelina. Isan'ireo vahiny manan-kaja voaasa

manokana hanatrika ny fotoana hanamarihana ny «

génocide » izay nitranga tany amin'ity firenena ity ny

tenany. Hatao ny alahady izao ilay hetsika fahatsiarovana ny faha-30 taonan'ny vonomoka natao tamin'ny foko Tutsi tany Rwanda. Raha ny tantara dia nitranga nanomboka ny 7 aprily hatraminy 17 jolay 1994 izany ka nahatratra 800 000 hatramin'ny 1 tapitrisa ny isan'ireo namoy ny ainy, tamin'izany. Anisan'ireo vahinin'ny filoha Paul Kagamé ny filoha Andry Rajoelina amin'io fotoana io. Ny filoha Rwandais rahateo dia efa namana akaiky azy. Porofon'izany ny fahatongavany nanatrika ny fankalazana ny fetim-pirenena Malagasy tamin'ny taona 2019. Izy ihany koa no anisan'ny niarahaba voalohany ny filoha Andry Rajoelina taorian'ny fahalaniany ho filohan'ny repoblika ary nandefa ny Praiminisitra Rwandais nanatrika ny fianianana

nataony teo Mahamasina, farany teo.

**Fanadiovana**

Ankoatra ny fiatrehana ny fahatsiarovana ny faha-30 taonan'ny « génocide » any Kigali amin'ny alahady izao dia hisy fihaonana manan-danja maro ihany koa voarakitra ao anatin'ity fitsidihana ara-pomba ofisialy ity. Araka ny vaovao voaray dia anio asabotsy koa no hihaona amin'ny Filohan'ny Delegasiona manokan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra Richard Ramanambitana ny ben'ny tanàn'ny Maire Kigali. Anisan'ny horesahan'ny roa tonta mandritra izany fihaonana izany ny fametrahana fiaraha-miasa amin'ny lafiny fanadiovana ny tanàna sy ny sehatry ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny.

Deyland



Fetin'ny Silamo " Eid Al-Fitr "

## Andro tsy fiasana ny alarobia 10 avrily

Amin'ny alarobia 10 avrily ho avy izao ny fetin'ny Silamo « Eid Al-Fitr ». Namoaka naoty fampahafantarana ny Minisiteran'ny Asa sy ny Fampananana asa ary ny Asam-panjakana, omaly, fa natao andro tsy fiasana kanefa handraisana-karama manerana ny tanin'ny Repoblikan'ny

Madagasikara io andro io. Tsy nampidiriana tao anatin'ny lisy ny andro tsy fiasana navoakan'ny fitondram-panjakana tamin'ny faran'ny volana janoary tamin'ity taona ity avokoa na ny « Eid Al-Fitr », na ny « Eid Al-Adha » noho izy ireo miankina amin'ny fandinihana ny volana. Ny fikamba-

namben'ny Silamo no mamaritra ny datin'ireo fety roa samihafa ireo. Efa tao anatin'ny andro maromaro no nandeha ny fanomanana ity fetin'ny silamo ity. Profofon'izany ireo jiro maro loko mirehidrehitra mandravaka ny araben'ny fahaleovantena Analakely, izay ahitana soratra

« Ramadan Sambatra ». Vao tamin'ny alakamisy lasa teo no niombom-po tamin'ireo mpino silamo teny Ambodivona ny Filoham-pirenena malagasy nandritra ny sakafon'ny « Iftar », na ny fanapahana ny fifehezana mandritraizao ramadany izao.

R. Muray

Minisitra Ravokatra Fidiniavo - Olan'ny rano

## Nifampidinika tamin'ireo sefo fokontany

Mijaly rano ny mponin' Antananarivo. Taorian'ireo fitokonana nisesisesy tamin'ny toerana samihafa teto an-dRenivohitra, dia nana-tanteraka fihaonana tamin'ireo sefo fokontany tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely ny Minisitra ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiavana, Ravokatra Fidiniavo, omaly. Niarahan'ny andaniny sy ny ankilany nandinika ny vahaolana vonjimaika sy maharitra manoloana ny tsy fahampian'ny rano. Anisan'ny fiarahamiasa apetraka amin'ireo sefo fokontany ohatra ny famantarana ireo toerana tena mijaly rano mba hahafahana mandefa ireo fiarabe mpamatsy rano. « Mbola anatin'ny fotoana fiatrehana ny olan'ny famatsian-drano ny eto Antananarivo amin'izao fotoana izao fa ny fanalafahana izany araka izay tratra no ataon'ny Ministeran'ny Rano sy ny Fanadiavana ary ny Fidiovana miaraka amin'ny JIRAMA. Miantso ny vahoaka mba ho tony fa tsy



Nikaton-trano nikaro-bahaolana miaraka.

vahaolana ny fidinana andalambe. », hoy ny Minisitra Ravokatra Fidiniavo.

### Nidina ifotony

Tonga nitsidika ny foibe

### Nomena andraikitra ireo sefo fokontany.

#### Nivaha ny olana teny Mandrozeza.

famokaran-drano n'ny JIRAMA teny Mandrozeza ny Minisitra Ravokatra Fidiniavo, omaly. Nanotrona azy tamin'ity fidinana ifotony ity ireo tale jeneraly roa

mpisoloto toerana ao amin'ny JIRAMA. Nojerena avokoa ireo olana ara-tekinika nahatonga ny fikorontanan'ny famatsiana rano teto an-dRenivohitra. Paompin-

nainy. Na izany aza, vita omaly ny fanoloana ireo piesy simba, ka efa mihodina manao ny asany araka ny tokony ho izy ireo paompy roa lehibe. Vinavinaina hiverina tanteraka amin'ny laoniny anio raha ela indrindra, araka ny fanazavana avy amin'ireo teknisianin'ny JIRAMA, ny famatsiana rano any amin'ireo toerana nisy fikorontananana, dia Tsiadana, Antsahameva ka hatrany Analamahitsy, sns.

R. Muray

Zon'ny voafonja

## Nitambatra anaty vovonana ireo fiarahamonim-pirenena

Goavana ny fanamby amin'ny fanpanajana ny zon'ny voafonja eto Madagasikara. Tsy milavo lefona anefa ireo fiarahamonim-pirenena eo anatrehan'izany, fa vao mainka mamondron-kery. Profofon'izany ny fananganana ny SCMMC (Société Civile Malagasy pour le milieu Carcéral), na vovonana iraisan'ireo fiarahamonim-pirenena miasa amin'ny tontolon'ny fonja. Omaly teny Anosy, no nanaovana ny fampahafantarana ny fijoroan'ity vovonana ity, izay ahitana ny HI (Humanité & Inclusion), ACAT (Association des Chrétiens pour l'Abolition de la Torture), Gret, PPI (People Power Inclusion), DSF (Douleurs Sans Frontières), Grandir Dignement, Sentinelles, ary



Atrikasa voalohany niarahan'ireo fiarahamonim-pirenena mandrafitra ny SCMMC.

ONDH (Organisation Nationale des Droit de l'Homme). « Nahatsapa izahay fa anisan'ny sakana tsy hahafahana manome sehatra ny tontolon'ny fonja ny tsy fisian'ny vovonana iraisana. Nahitana taratra izany ny

fisian'ny asa miverimberina, ny fanombohana asa tsy misy fitohizany, ary ny asa tsy misy mpanao mihitsy. Ny fisian'ity vovonana ity dia hamondrona ny herin'ireo fiarahamonim-pirenena mba hatanjakana sy hifameno kokoa. Hosokafana

R. Muray

## Taratasy ho an-dRamala

### Tifi-danitra... !

Any Ramala, Bebe ihany ny volam-bahoaka voalaza fa voadinkodina teto amin'ny tanintsika mbola hatao izay hamerenana, araka ny voalazan'ny manampahefana tompon'andraikitra Ramala. Ka tsy tsara kosa ve izany Ramala? Marina fa tsara le izy, saingy le habetsahany voalaza fa haverina mihitsy anie Ramala no manahirana é ! Asa na vao ampahafirin'io akory no tafaverina. Tsy eo amin'ny fame-renana volam-bahoaka voadinkodina ihany no ahitana toe-javatra toy izany eto amintsika Ramala fa amin'ny sehatra maro. Mipoapoaka izay rehefa milaza na hanao zavatra. Sa izany Ramala no atao hoe tifi-danitra ? Hitifitra ihany ve tsy aleo tokoa mitifitra ambony ! Na izany na tsy izany, mila mandinika sy mieritreritra tsara ihany koa ny olona manoloana ny zavatra toy ireny Ramala. Ndrao mantsy ilay izy ka tonga amin'ilay hoe "Be famaritra toa rambon'osy". Ireo zoky raiamandrenintsika tany aloha ihany no niteny izany Ramala. Tsy ratsy ny mametraka sy manatratra tanjona lavitra ambony. Kanefa koa tokony hifanentana amin'ny zava-misy iainana koa ilay izy fa tsy ho lasa nofinofy fotsiny. Izay aloha no hamaranana azy Ramala fa hofaranana eo ny androany, amin'ny manaraka indray.

### Ragasy

Taxi sy Taksibe

## Mbola maro no maty an-dalana, miteraka fitohanan'ny fifamoivoizana



"Mbola maro ny Taxi sy Taksibe maty an-dalana ka miteraka fitohananana fiara mandritra ny fotoana maharitra eto an-dRenivohitra. Saika isan'andro no ahitana an'izany tranga izany eny an-dalana eny", hoy ny raim-pianakaviana iray tafaresaka taminay omaly. Ny baraingo mipetraka, hoy ity raim-pianakaviana ity dia hoe : mba tena mandalo "visite" ara-dalana ve ireny fiara fitaterana maty ho azy eny ampovoan-dalana ireny? "Rahoviana isika Malagasy vao samy hahay hanaja ny lalana sy hatahotra hanao kolikoly? Tsy hitombona kosa ny hankatoavan'ny sampandraharahan'ny fitsarana fiarakodia hiasan'itony fiarakodia maty ho azy an-dalana itony. Kanefa koa mety karakaraina tsara ny fiara rehefa ho tsaraina fa tsy ivakiana loha rehefa mandeha ny asa", hoy kosa ny Renim- pianakaviana iray tao anaty Taksibe maty an-dalana nandehananay. Ankoatr'izay mbola marobe ireo fiara mamoaka setroka mainty sy maloto sy manimba tontolo iainana mivezevy eto Antananarivo Renivohitra. "Rehefa ao anatin'ny fitohanan'ny fiara sady ilay misy fiara maty ao anay tunnel iny no manempotra mafy sy lasa tsy mahasintona rivotra, indrindra ny olona misy asthma", hoy ny Zatovovavy iray mbola mpianatra. Mila manao ezaka lehibe sy fanaraha-maso hentitra ny fahasalaman'ny fiara izay entiny ny mpamily tsirairay sy ny tompon'ny fiara. Raha tsy izany hiteraka olana amin'ny fifamoivoizana hatrany ny fisian'ireny fiara maty eny an-dalana ireny.

HAR

Fiombonan'ny mpiara-miasa - JIRAMA

## Mangataka hanendrena faran'izay haingana ny Tale Jeneraly raikitra

Mila rano sy herinaratra mandeha ny olona satria tolotra andoavam-bola no hisitrahany ny vahoaka izany fa tsy maimaim-poana akory.

Efa ho roa taona izay no tsy nisy mpitantana raikitra ny orinasa Jirama. Eo anatrehan'izany indrindra, nanao fanambarana omaly ny fiombonan'ny mpiara-miasa eo anivon'ny Jirama, teny Ambohitovato Ambony, izay ahitana ny Sekrima, Fisemare, Fisema, Usam, Sat J, TM, Malay misaraka, Jisemi, Serema, Sympimami, Sympimato, Fiveji, CMCE, CE, CA ary solontenan'ny mpiasa voafidy. Mitaky ny hanendrena ny Tale Jeneralin'ny orinasa Jirama faran'izay maika izy ireo. « Matao izahay mitaky izahay mangataka ny hanendrena io Tale Jeneraly io izay faran'izay maika, tsy misy zavatra mandeha ato. Ny fiainan'ny orinasa mihitsy no miankina amin'izay ka tafiditra ao anatin'izany ny fiainan'ny mpiara-miasa sy ny fiainan'ny vahoaka malagasy iray manontolo. Io Tale Jeneraly io no afaka mandray fanapahan-kevitra amin'izay zavatra rehetra ata. » hoy Randrianarivelo



Ireo fiombonamben'ny mpiasan'ny Jirama nanao fanambarana teny Ambohitovato Ambony omaly.

Mario, mpitondra teny. Biby tsy misy lohany tsy mandeha hoy ireto fiombonan'ny mpiara-miasa eo anivon'ny Jirama ireto. Marihina fa misy ihany ny fanendrena Tale Jeneraly mpisolo toerana izay miovaova isaky ny 6 volana na 3 volana na herintaona saingy raha izao fitarainana izao tsy mahavaha olona araka ny tokony ho izy. Iaraha-mahita tokoa mantsy, tsy eto Antananarivo ihany fa saika manerana ny Nosy ny fijalian'ny olona amin'ny fahazoana herinaratra sy rano fisotro madio. Vao omaly antoandro, nisy ny hetsika nataon'ny mponina tany Anivorano avaratra izay niparitaka tamin'ny tambajotran-tserasera. Omaly hariva ihany koa, nandoro kodiarana sy nitokona ny olona teny Analamahitsy, Alasora,

Mausolée, Ampasampito sy Ankatso ary ny manodidina rehetra iny.

### Fomba famoaham-bola

Araka ny vaovao voaray, ny fomba famoaham-bola avy eo anivon'ny Jirama mihitsy no ela sy lasa olona amin'izao fotoana izao. Raha mihoatran'ny 5 tapitrisa Ar mantsy ny vola ilaina amin'ny fividianana piesy na fitaovana iray hahafahana mampandeha ny rano amin'ny toerana iray, tsy maintsy mandalo eo anivon'ny filankevi-pitantanana vao azo atao ny mamoka izany vola izany. Raha mikasika ny herinaratra manokana indray, tsy maintsy mandalo eo amin'ny minisitry ny fangatahana kanefa ny minisitry matetika mandeha manatanteraka iraka ka lasa ela vao mahazo valiny. Ny olona amin'ny resaka solika ampi-

saina amin'ny fampandehana ny herinaratra indray, satria efa nivoaka ny fanambarana fa tsy misy intsony ny « réquisition » atao amin'ireo kaompania mpizara solika dia tsy maintsy ny minisitry mivantana no mifandraharaha amin'ireo kaompania ireo. Misy amin'ireo teknisianina no tsy mazoto hanatanteraka ny asany araka ny tokony ho izy intsony eo anatrehan'izany satria na ny fitaovana entina amahana olona iray aza lasa olona be vao azo. Ny tombontsoa madinidinika toy ny solon-tsakafo na « casse croute » araka ny fiantson'ny mpiasa aza efa tamin'ny volana novambra hatramin'izao fotoana izao tsy nivoaka satria tsy misy manafo sonia. Misy amin'ireo mpiasa ihany koa mitombo ny asa atao fa tsy toy ny mahazatra kanefa tsy misy fandraisana andraikitra atao azy amin'izany. Tsihivina fa saika ny ankamaroan'ireo tomponandraikitra ambony eo anivon'ny Jirama no nampantsoina teny anivon'ny PAC. Etsy ankilan'izany, mila rano sy herinaratra mandeha ny olona satria tolotra andoavam-bola no hisitrahany ny vahoaka izany fa tsy maimaim-poana akory.

Nath

Ny asako rahampitso

## Hitety ireo lycée 8 eto Andrenivohitra sy eny Andoharanofotsy

Haharitra efa andro, izany hoe manomboka ny alatsinainy 8 aprily hatramin'ny 11 aprily 2024 ny hetsika "Ny Asako Rahampitso" andiany faha-16. Ankizy 5833 avy amin'ny kilasy 104 miparitaka amin'ny ireo Lycée 8 sy ny lycée Andoharanofotsy. Hifampizara ny asa azon'ireo ankizy mpianatra atao rehefa lehibe no atao mandritra izany ka hisy ny fifampizarana traikefa sy ny lalana nodiavina ireo mpiantsehatra rehetra. Hita ao anatin'izany ny asan'ny mpampianatra, mpamonjy voina, mpanao gazety, dokotera, sy ny maro hafa. Iarahan'ny Rotary Club Antananarivo Ainga sy ny minisitry ny Fanabeazam-pirenena ity hetsika fampahafantarana ny asako rahampitso ity. Tsy voafetra amin'ny karazana



Ireo tomponandraikitra eo amin'ny Rotary club Antananarivo Ainga sy minisitry ny Fanabeazam-pirenena mampahafantatra ny Asako rahampitso.

asa atao amin'ny sehatra tsy miankina ihany fa amin'ny sehatra miankina amin'ny fanjakana indrindra indrindra ihany koa. Olona maromaro no handray anjara amin'io hetsika Ny Asako Rahampitso io ka ireo asa mahazatra azo hivelomana dia hampa-

hafantarina avokoa. Nosafidiana manokana ny lycée satria aorian'ny bakalorea dia tokony handinika ny lalam-piofanana mifandraika amin'ny asa hataony aoriana kely azo ireo mpianatra hoy Sylvia Rakotondramanana, Tale eo

Judicael Ramangalaza- Ben'ny tanànan'i Sambava

## Miantso ny tahirim-bolampanjakana hamoaka vola handoavana ny trosa



Manao izay ho afany amin'ny fanampiana ny vahoaka ny ben'ny tanànan'i Sambava.

Anaty hamehana tanteraka ny vahoaka ao Sambava ao amin'izao fotoana izao. « Mosary ny olona, tsirarizary ny sakafo kanefa zatra mihinana vary. Dobo rano ny fambolena, ny lalana tapaka ary zara raha ahitana sakafo amidy eny an-tsena moa ny vola ividianana izany tsy misy. Tafakatra hatrany amin'ny 1 200Ar ny kapoakan'ny vary. Ny rano anefa mbola tsy midina ary misy ireo olona mbola tsy afaka miverina any amin'ny trano fonenany. Anisan'ny nitondra faisana amin'ny resaka rivodoza Gamane i Sambava. Nahatratra 15 303 mantsy ny olona traboina avy amin'ny fokontany 16 amin'ireo 18 nahazoana tatitra. Misy 2578 ny trano tondra-drano, 1 988 ny voatery nafindra monina ary naporitaka tamin'ny sekoly EPP sy gymnase couvert izy rehetra ireo. »

Tsy mbola voalao ny trosan'ireo mpandrahara tamin'ny taon-dasa ka tsy manaiky manampy ny vahoaka traboina intsony izy ireo ankehitriny.

Ambonivohitr'i Sambava madiodio no any kanefa misy ny rafitra sy atanan-tohatra tsy maintsy arahina hahafahana manetsika izay ambim-bola ao. Nisy ny trano may sy ny olona nosedrain'ny mponina dobo tamin'ny taon-dasa ka nilana vonjy amin'ny fanampiana sy fanohanana ireo traboina ary nanaiky nitrosana ireo mpandraharaha. Hatramin'izao anefa tsy voalao ny trosan'izy ireo satria tsy mbola nivoaka ny fangatahana natao tany amin'ny tahirim-bolampanjakana ka tsy mety manome intsony ny ankamaroan'ireo mpandraharaha. Vola misy kanefa tsy misy na inona na inona azonay atao na dia hita aza fa tena mampalahelo ny olona satria tsy misakafo ny ankabeazan'izy ireo. » hoy hatrany ny Ben'ny Tanana.

### 1000 tokantrano nampiana

Omaly, vokatry ny fanomezana avy amin'ireo diaspora sy ireo mahalala tanana ao Sambava, tokantrano 1 000 anisan'ny nitondra faisana tamin'i Gamane no nahazo fanampiana ara-bary. « Nahazo 11 tapitrisa Ariary eo izahay ka nividiana vary avokoa izany mba hahafahana manampy ireto vahoaka marobe mosary ireto. Nandritra ny fandalovan'ny rivodoza, efa nisy ny fanampiana nentin'ny fitondram-panjakana tamin'ireo olona voatery nafindra toerana faran'izay haingana. Ny kaominina sy ny faritra ihany koa efa nitondra izay voatsirambin'ny tanana ho an'ireo olona traboina ireo. Nisy ihany koa fanomezana arovava orona sy tablie ary kojakoja ilaina amin'ny fitsaboana natolotra avy hatrany ireo tomponandraikitra eny amin'ny hopitaly sy CSB. » hoy i Judicael Ramangalaza, Ben'ny tanànan'i Sambava. Mandritra ny andro manerantany ho an'ny fahasalamana, hisy ny hetsika ho tanterahina eo amin'ny kaominina ka niantsoana ireo rehetra manana olona ara-pahasalamana.

Nath

Nath

## TSIPAKA

Niteraka fahasorenana tamin'ny mpankafy baolina kitra, niatrika ny « *Rencontre Nationale Sportive 2024* » andiany faha-49, natao tany amin'ny toeram-pilalaoan'i Vichy tany Frantsa, nandritra ny filan-tsasatry ny paska teo iny, ny tsy nahavitan'ny lalao famaranana « Foot à 11 » teo amin'ny sokajy « Senior » sy ny « Vétéran ». Tanteraka soa aman-tsara kosa anefa ny famaranana teo amin'ny « Foot à 7 », toy ny tamin'ny taranja iraisana basket-ball sy ny volley-ball. Ankoatra an'izany dia voalaza fa nisy disadisa ihany koa tamin'ny taranja kanetibe fa niravona ihany izany.

## Mamoa-tsampona !

Teo amin'ny fifaninanana natao ho an'ny sokajy « senior », dia voalaza fa fikasihana-tanana tamin'ny mpitsara lalao frantsay no nahatonga ny olana, nandritra ny fanatanterahana ny lalao manasa-dalana. Vokatry izany dia nitokona tsy nety nanatanteraka ny fitsarana lalao famaranana ireo mpitsara vahiny, izay mpikambana ao anatin'ny federasionina frantsay amin'ny baolina kitra (FFF) fa tsy notsimponsimponina tetsy sy teroa. Teo amin'ny sokajy « vétéran » kosa indray, dia fahatarana teo amin'ny fotoana hilalaoana no naha « forfait » ny anankiray tamin'ireo ekipa tokony nifanandrana tamin'ny lalao famaranana. Raha ity farany ity no zohina, dia ny beantitra tokony hanome lesona ny taranaka indray no mamoa-tsampona. Mikasika an'ilay fikasihana-tanana mpitsara lalao dia efa tsy fanarahandalana sy ny fitsipika mifehy ny fifaninanana arapanatanjahantena fotsiny tsotra izao no natao. Tsy manana rariny mihitsy ny mpilalao mampiasa herisetra, na inona na inona fomba entina hanamarinana-tena. Ny ankamaroan'ny mpilalao mandray anjara amin'ny fihonana ara-panatanjahantena ataon'ny mpiray tanindrazana any ivelany any amin'ny R.N.S, dia matihanina sy efa nandratra ny ekipam-pirenentsika ny ankamaroany, ka tsy tokony atoro voanjo hadiana amin'ny fitsipika mifehy ny filalao kitra. Fahavoazana maro lavaka no miandry ny mpikarakara ny R.N.S amin'ny andiany faha-50, raha mitohy ny fitokonan'ny « arbitre », tsy hisahana ny fitsarana ny lalaoan'ny sokajy « senior » intsony. R.N.S izay efa nivitrana ny fizarana anankiroa teo amin'ny mpitantana azy, dia izao lotoina amin'ny fidarohana olona any anjaridainany izao indray.

aris rafaly

## TSARA HO FANTATRA

Rugby - Herivelona RAMANANTSOA

## Vonona hamerina ny lazan'ny USA / AFA Ankazomanga

Tapa-kevitra ny vato nasondrotry ny tany sy ny taranak' Ankazomanga, izay tarihin' Atoa Herivelona Ramanantsoa, Minisitry fahiny tamin'ny Repoblika Faharoa notantanin'ny Amiraly Didier Ignace Ratsiraka, fa vonona hamerina ny lazan'ny « *Union Sportive d'Ankazomanga (USA)* » niova ho Ankazomanga Firaisana Arapanatanjahantena (AFA) taty aoriana teo amin'ny « Rugby », izay nampahalaza ny « *Ecole des Cadres - Tapanimanga - Balako* » tamin'ny fotoan' andro nilalaoany. Ireo anaram-bositra ireo nentiny dia nilazana ny USA / AFA fahiny, noho ny fananany mpilalao kalaza maro tamin'ny fiangaliana an'ity taranja ity. Mandalo eto an-tanindrazana Atoa Herivelona Ramanantsoa ankehitriny, mikarakara tetikasa entina hampivoarana ny baolina lavalava Malagasy, hanomanana dieny izao ny tanjona amin'ny fandraisan'ny firenentsika anjara amin'ny fiadiana ny Amboara Eran-tany 2027, ary misy sehatra fiitsinjovana ny fampandrosoana ny klioba koa ao anatin'ny. Nosafidiany ity farany ity entina hampiroboroboana sy hamelona aina indray ny ekipandrazany dia ny USA / AFA. Mahatsiaro manana adidy aho, hoy izy, ka misafidy ny hanandratra avo ny ekipa nitaiza sy nikolokolo ary nanabe.

« **Stella Club** » no nipoirany Notsiahiviny fa Ankazomanga (niandohan'ny tantaran'ny USA/AFA no tiany lazaina) dia famelomana maso ny klioba nisy teo amin'ny tananany, antsoina hoe Ambalakisoa, dia ny « *Stella Club* », izay noforonin'ny Raibeny Itpkl Ramarcel tamin'ny taona 1905. « *Manga valahana ny fanamiana nentin'ny Stella Club (S.C)*. Nofonan'ny fitondrana kôlônialy izy, satria nolazainy fa nivoy ny hevitra nijoroan'ny Vy Vato Sakelika. Ny Raibeko mantsy no mpitahiry volan'ny V.V.S tamin'izany fotoana izany ». Tamin'ny taona 1962, dia tonga tao amin'ny Renibeny Itpkv Razanajafy, vadin'Itpkl Ramarcel, ny delegasionina nahitana an'Atoa isany : - Rajaonarisaona Petera natao hoe « *Radidy* » - Rasamoelison Eugène, anadahin-drenin'ny Minisitry - Patrice « *Ra-Pà* ». Nangataka tsodrano tamin'ny

« **Stade Toulousain** » no modely tiany hitantanana ny USA/AFA

fa hamorona klioba-na anatin'ny teboka efatra : -1° / Fananganana « *Centre d'activités* », ahitana kianja fanaovana fanazarantena sy efitrano fanabokonana hozatra (salle de musculation) - 2° / Fandaharanasa fanofanana : - hanaovana « *Sport Etudes* » ho an'ny tanora - Fanomanana arakasa ary fanolorana asa ho an'ny mpilalao zokiny - Fanofanana ny mpilalao ho tonga « *Elites* » amin'ny alalan'ny fikarakarana ny sokajin-taona rehetra (poussin, benjamin, cadet, junior, senior). Tsy adino koa ny Vétéran amin'ny fitaizam-batana tokony ataony - 3° / Fiatrehana ny fifaninanana amin'ny fiadiana ny Tompondaka / Amboara ireny amin'ny fomba matianina. Atao laharam-pahamehana ny fanofanana ara-tekina / fikolokoloam-batana, fitiliana ny mpilalao, fanohanana ara-tsakafa, fanajana fitsipifehezan-tena, ary tsy atao ambanin-javatra ny

Tetikasa misongadina Ny vontoa in'ilay tetikasa hampiroboroboana ny « *rugby* » dia nofeheziny tao

fanaraha-maso ara-medikaly ny toe-pahasalaman'ny mpilalao - 4° / Fandraisana anjara amin'ny fiahiana ny fiainan'ny mpilalao ao anatin'ny fiarahamonina misy azy : - fahazazana - fahatanorana - mandritra sy aoriana (rehefa tsy milalao intsony) ny fe-potoana maha « *Elite* » azy.

## Hisy ny fanentanana

Ampahafantarana an'izao fikasana tiana atao izao dia nanteriny fa hisy ny hetsika faobe, hanaingana ny ezaka ho amin'ny famerenan-daza an'Ankazomanga. « *Hisaorana ireo nampiana sy manetsiketsika ny klioba amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy hisy ny dinika hifanakalozan-kevitra mba hisian'ny fandrindrana. Tsy natao hampizara fa ny bainga voavadika no barometra hitsarana ny ezaka kasaina atao. Hisy ny fanentanana faobe, hiantsoana ireo raïman-dreny mbola velonaina, ireo mpilalao tranainy sy amperinasa, ireo taranaky ny mpitantana sy nanana fifandraisana tamin'ny klioban' Ankazomanga (...)* ». Tsara ampatsiahivina etoana ireo nanana fifandraisana sy namelomaso ny fileovana USA/AFA, dia Itompokolahy isany : Jean Jacques Rakotoniaina sy ny « *Pharmacien* » Razafimandrato, izay samy Filoham-boninahitra - Rajaonarisaona Petera, Filoha namorona - Beloha Andrianainarivelo na i Ramose, Filoha nitantana. Taty aoriana dia nisy ny Filoha nifandimby nitantana, raha tsy ampatsiahy afa tsy Ra-Simon sy Ra-Norbert, izay mbola am-perinasa ankehitriny. Namarany fa misy amin'ireny taranaky ny Olomben'Ankazomanga ireny no mivonona anohana ny Tapanimanga amin'izao hetsika atao izao. Ankoatra

an'izany dia nanteriny fa tsy atao ambanin-javatra indrindra ihany koa ny fifandraisana sy ny fiarahamiasa amin'ny sehatra iraisampirenena.

## Mpilalao nisongadina

Tsara ho fantarin'ny taranaka aty aoriana ny mpilalao kalazan'ny Balako, niatrika ny fiadiana ny tompondakan' Antananarivo intelo teo anelanelan'ny taona 1964 - 1971 (Composition Types) : « *Piliers* » : René Raloha - Jean kely (travaux) ; « *Talonneur* » : Tovo - Bekely ; « *2 ème Lignes* » : Fosy be - Patrice - Tsiresy, izay avy any Ambatondrazaka ; « *3 ème Lignes* » : Roger - Ikoto Pierre (kaly) - Kotozafy ; « *Demi de mêlée* » : Max ; « *Demi d'ouverture* » : Rafaladia - Ntsoaka ; « *Trois Quarts* » : Nono - Boeing ; « *Trois quarts ailes* » : Tor Fanihy - Justin - Anjely Mainty - Gilbert « *Galliéni* » ; « *Arrière* » : Paoly (mpiasa Imprimerie catholique) - Aime Lavabe . Tsetsatsetsa tsy aritra no anamarihana fa tao anatin'ny Ekipa Nasionaly, dia natahoran-dry Jacques Fouroux sy ny namany mpilalaoan'ny La Voultte avy any Frantsa, nivahiny teto amintsika, ny nifanehitra tamin-dry Boeing « *mpitsoraka tropile* » sy Rafaladia ary Nono, izay nalaza tamin'ny « *Charge Ankazomanga / Balance* ». Taty aoriana dia nanana ny lazany koa ry Beronono, Jean Toto, Lemahery, Abdon « *Rafatopera* », Polyeucte, Ramamba (arrière), Dalès, Rodin Be, Tista, Ranadahy, Sily, Razily, Lema, Razakta, Rabry, Kôkôty, Kapa (arrière), Rainipatsa, Katsy, Rija « *Dalton* », Lemé (arrière), Rôla, Baivo, Zeba, Rakômando, Rabombolo, Razily.

aris rafaly



Ireo mpilalao anisan'ny nampiakatra ny lazan'ny Tapanimanga

## Rugby - Xxl TOP12

## Hifandona ny FTM sy ny TFA

Hitohy izao faran'ny herinandro izao etsy amin'ny kianjan'ny Makis Andohatapenaka, ny fiadiana ny « XxlTOP12 », eo amin'ny taranja Rugby. Anisan'ny lalao tena andrasan'ny maro ny fifandonana eo amin'ny FTManjakaray sy ny

TFAntihazo, izay hanakatonana ity andro rahampitso ity. Efa iarahana-mahalala sy mahita ny tanjaka sy fahaizamananao ny FTM, izay vao nahazo ny anaram-boninahitra « super coupe dde M/car » farany teo. Ankilany, manana

ilay endri-dalao mampivavaka azy ny TFA, izay manahina hatrany ireo kliobasangan'ny vaventy ny midona aminy. Mbola ady tsy vita ihany koa ny eo alohan'io, izay fihonana eo amin'ny TFMA sy ny UASC. Samy mnana herijika

handrombahna fandresena mandritra izany, na Ankasina na ry zareo Besetroka. Amin'ny 11ora kosa dia hifanandrina ny FTBA sy ny Mang'art, izay lalao misokatra tanteraka. Ho fanokafambavony kosa, hisy ny lalao

fanomanana ny ekipam-pire-nena, ka ny Makis Ladies A hosedraina amin'ny Makis Ladies B. Tsihivina, ho fiomanana amin'ilay fiadiana ny amboaran' i Afrika 2024 ary tafiditra amin'ny fiadiana tapakila fandraisana anjara amin'

ny fiadiana ny tompondaka maneran-tany 2025 izany. Efa fantatra avokoa moa ireo mpi-fanandrina amintsika, dia Kenya, Kamerona ary Afrika atsimo, izay apetraka ho sangany indrindra.

Rabenaivo

## PASI PASI

Me Ralevazaha Emilson

## Mbola tsy manaiky azeran'ireo zafikeliny rehefa manao "randori"

Judokas ny tenany, manao judo avokoa ireo zanany 4 mianadahy ary ny zafikeliny 12 mianadahy ihany koa dia judokas avokoa. Ity fianakaviana mpanao fanatanjahantena miavaka ity indray no vahinintsika eto ami'ny PASI PASI anio.

**Gazetiko** : Anaranao feno **RE** : Ralevazaha Emilson.

**Gazetiko** : Firy taona ianao dia mbola manao judo ve, ao amin'ny klioban'iza ?

**RE** : 71 taona, mbola manao judo sy mitantana ny Family Judo Club Antsirabe. Mpitsara Judo efa nanana ny Grade UAJ nisotro ronono.

**Gazetiko** : Nanomboka firy taona ianao no nanao Judo ?

**RE** : Tamin'ny taona 1981 no nanombohako nanao Judo

**Gazetiko** : Firy ny zanakao, ny zafikelinao, iza avy dia manao Judo daholo ve?

**RE** : 4 ny zanakao. Eny, manao judo daholo. Ralevazaha Emy, Ceinture Noire 3ème Dan, Ravao-arisoa Naina Cecilia, Ceinture Noire 5ème Dan, R a l e v a z a h a R i v o t i a n a, Ceinture Noire 2ème Dan, Ralevazaha Lalatiana, Ceinture Noire 2ème Dan. 12 ny zafikeliko, nanao judo daholo fa misy ny manao judo amin'ny avo lenta, misy ny manao "foot", misy koa ny manao "Lomano". Ralevazaha Vonjiniaina, Ceinture Noire 1er Dan, Razafindrakalo Natacha, Ceinture Noire 1er Dan, Ralevazaha Kevin,



Niampita tamin'ireto taranany ireto ny fitivana ny taranja haiady Judo.

Ceinture marron, Ralevazaha Kenny, Ceinture marron, Ralevazaha Andraina, Ceinture bleue, Ralevazaha Tsaroana, Ceinture orange. R a l e v a z a h a I r i n a L o i c, Ceinture Orange, Ralevazaha Mandresy Erwan, Ceinture Orange Ralevazaha Diary Yannis, Ceinture Orange, Marechal Joao, Ceinture Jaune Marechal Tia, Ceinture Jaune

**Gazetiko** : Noterena sa efa tao anatin'ny ran'ireo zanakao sy zafikelinao ny Judo ?

**RE** : Ny spaoro no efa ao anatin'ny ra ho an'ny fianakaviana. Tsy nampihemotra

azy ireo tamin'ny vao nanomboka nanao judo ny nianjera sy ny kotrana 1h15 rehefa alarobia sy asabotsy. Tena anaty ra satria ireo izay tsy manao judo dia manao foot amin'ny klioba fantadaza, Kintana Academy toa an'i Ralevazaha Loïc sy Erwan ary Yannis. Toy izany koa i Marechal Joao sy Tia mpilomano.

**Gazetiko** : Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pire-nena ve ny zanakao sy zafikelinao ?

**RE** : Eny, nandrafitra ny ekipa Nasionaly daholo izy rehetra tamin'ny androny ary tsy voantso fotsiny fa anisan'



ny nahazo vokatra tsara sy nitondra ambony ny voninahi-pirenena. Hireharehako ny zavatra vitan'i Naina Cecilia tamin'ny androny. Ankehitriny dia anjaran'ireo zafikeliko indray no maka izany toerana izany. Tsy voantso fotsiny ihany koa fa sady manaraka ny lalan'ireo zanako amin'ny vokatra azo. Vao tsy ela ohatra i Natacha Razafindrakalo no nitondra medaly alimo avy any Accra 2024. I Ralevazaha Emy koa dia anisan'ny mpanazatra nasionaly ny ekipam-pirenena malagasy sady Tale misahana ny Fanabeazana eo anivon'ny

Federasiona Malagasy ny Judo.

**Gazetiko** : Ahoana izany hoe miaraka manao Judo ianareo mianakavy ?

**RE** : Fahafinaretana tsisy toy izany, mifampizara ny manta sy ny masaka eny ambony sy ivelan'ny tatami. Izaho izao tsy manaiky azeran'ireo zafikeliko rehefa manao "randori" (combat any amin'ny Dojo) fa samy nohosoran-dreniny menaka (hahaha!). Tsy maintsy miverina any amin'ny judo foana ny resaka na dia niatomboka tamin'ny zavatra hafa aza. Mora miampita ny traikefa satria mifampatoky sy samy

vonona handeha lavitra.

**Gazetiko** : Ankoatra ny Judo inona no fialambolina-reo mianakavy ?

**RE** : Milalao domy, mijery « films » na mijery judo. Miaraka mikarakara sakafo. Ny manao karaoke miaraka no tena hafalianay mianakavy rehefa tafaraka.

**Gazetiko** : Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

**RE** : Fanampin'ny fana-beazana azo avy amin'ny Ray aman-dReny sy ny Sekoly ny any amin'ny spaoro. Mampianatra fahalala-pomba isan-karazany sy fomba fiainanana samihafa, entina hiatrehana ny fiainana. Nanomana be dia be ho an-janako sy ny zafikeliko amin'ny fiainany ka tsy ny vatana ihany no voky fa ny saina koa. Ho ahy manokana dia voampita ny hafatra, satria ny zafikeliko rehetra dia taizana amin'ny spaoro daholo. Tsy fotoana very ny fanaovana spaoro ! Ny mpanao spaoro ihany no manasongadina an'i Madagasikara sy ny maha-Malagasy hatreto erak'izao tontolo izao.

Rabenaivo

## Taekwondo - Federasiona

## Kandidà ho filoha Rakotomanana Franck Tiana

Hifarana rahampitso 7 avrily ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana, ho amin'ny toeran'ny filohan'ny Federasiona Malagasy ny Taekwondo WT. Omaly, nanatanteraka izany ny kandidà, Rakotomanana Franck Tiana, izay tonga niaraka tamin'ireo ekipany tetsy Alarobia Amboniloha. Nambarany taorian'izany, fa tamin'ny 1 avrily lasa teo no

nahazo « mail » nilaza ny hanatanterahana ity fifidianana ity ny tenany, izay tsy maintsy aterina alohan'ny 7 avrily. Nambarany, fa tapakevitra hirotsaka ny tenany, noho ny fahitany fa efa tany amin'ny taona 2015 tany Gabon no nahazo vokatra tsara i Madagasikara, mahatsapa ny tenany fa ambany ny haavo teknikan'ireo mpikatroka ka hiezaka hampiakatra izany ny tenany

rehefa tonga eo amin'ny fitantanana ny federasiona. Ankoatra izay, tsy tazana matetika eto an-tanindrazana ny filoha, saingy ny tenako dia mipetraka eto miaraka amin'ny ligy sy ny atleta ary ireo rehetra anatin'ny tontolon'ny Taekwondo. Somary nanamarika moa ity kandidà ity ny amin'ireo antontan-taratasy nilaina, izay tsy voafaritry mazava tsara sy ny mpandray izany,

kanefa ny vaomiera manokana hikarakara ny fifidianana aza mbola amin'ny andron'ny fifidianana vao hatsangana. Mbola baraingo ihany koa ny mety ho ligy mpifidy, hoy hatrany ity kandidà ity, fa raha ny fantany dia Analamanga, Atsinanana, Vakinankaratra, Matsiatra ambony, V7V, Betsiboka, Boeny, Atsimo andrefana ary Alaotra Mangoro.

Rabenaivo



Tetsy Alarobia Amboniloha omaly no nanateran'ny kandidà Franck Tiana, ireo antontan-taratasy.

Sarisary zary tenany

Lasa tanora

Hatsikana an-tsary

Tsara hidy



Masoandro iposaka

**SALAMO 78 : 13-14**  
 Nampisaraka ny ranomasina lzy ka nitondra azy nita, dia nampijanona ny rano ho toy ny antontan-javatra. Ary ny rahona no nitondrany azy raha antoandro, sy afo mahazava nony alina.

Indray mipika



Nanantonsa ny pejy  
 Nil : Tel: 033 07 465 05

Tantara mitohy

# MPIRAHALAHY



# Chabolana



Ny ditra mameno tanàna, fa ny nenina mamarina an-kady.

L'entêtement remplit la ville, mais les regrets jettent dans le fossé.

### Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3214

				5	4	2		
	7		2			5	9	
1								8
3					1			
	6	7		9				
		4	3					6
		6						
7						8		
5	2	1			3	7		

Valin'ny laharana 3213

2	5	3	4	7	8	1	9	6
7	6	4	9	2	1	5	3	8
8	9	1	3	6	5	2	7	4
6	4	7	2	3	9	8	5	1
1	2	9	5	8	6	7	4	3
5	3	8	7	1	4	6	2	9
9	7	6	8	4	2	3	1	5
3	8	5	1	9	7	4	6	2
4	1	2	6	5	3	9	8	7

TENY MIAFINA N° 813

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

Grid of letters for Teny Miafina N° 813. Row 1: T E M H A B M V K T. Row 2: S N J L T F T J N S. Row 3: J H P O P I H V K J. Row 4: G J A E V E K M R A. Row 5: M B T K K D B E F M. Row 6: R T I A V A S I T V. Row 7: P S T O E D E S F P. Row 8: R J N L A I S E P V. Row 9: K E M T D F D T M K. Row 10: A R F H F B K M P R.

06 litera

Val in'ny teny miafina 812 : TSIKERA

VALIN'NY

Kakuro 812 grid with numbers and empty cells for digits.

VALIN'NY

TENY MIRANDRANA Lah. 7838. T E R I T E R I • F. O K • V A D I N A I. R E • A H • T E N A. I N D R I S I • • S. M A N O R I N A • A. A I • T I • A • I K. S • L A Z A I N A O. O • A N O • • I N •. N E F A • M I L A I. I V O I Z A N A O •.

LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambaro dia ho hitanao ny valiny

L A R T I K I A K A. I A N A S T N A R A. R R R I O I D N O A. I A I B D F R K K M. F N M N I I I I A I. A A A P A P S N R D. K O A J I O I I A I. O T N S N T O N M O. S R T A R A S A A V. I A N A S O L O V A.

- SOKAFI, LANJANI, MANITRA, INDRISI, IRINAO, KAMBOTI, AMPITSO, MIDIOVA, TSIRIRI, NANOSIKA, RAOFINAO, KAIKITRA, MISIDINA, ATSIPIKO, RANAOTRA, RANTSANAI, VOLOSANAI, ANKININAO.

- Valin'ny lalao omaly : - ASIANA - DINA

NY TONONANDRONAO SABOTSY 6 APRILY 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

ASA: Aza mandray zava-pisotro rehefa ao am-pasana sao hanimba asa. FITIAVANA: Raha tena tinao izy dia hajao ny safidiny.

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Rehefa natomboka ihany ny asa dia vitao hatramin'ny farany fa aza kamo. FITIAVANA: Aza mitady any an-kafa intsony ianao fa ataovy ampy anao ny fitiaovany.

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Mila mailo ianao fa misy olona mitady hanambaka anao ao amin'ny toeram-piasanao. FITIAVANA: Mila mamadika takila vaovao ianao fa tsy mety intsony ny firahanareo.

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Mahereza mitady asa dia ho hitanao fa ahita tokoa ianao. FITIAVANA: Aza atao mitovy ny fitiaovanao rendrarendra sy ny fitiaovanao ny olon-tianao?

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

ASA: Mety hisy olana kely ianao anio saingy hiravona ihany izany. FITIAVANA: Rariny ihany izy raha saropiaro satria tiany ho azy ireny ianao.

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

ASA: Raiso an-tsoratra daholo izay zavatra ataonao anio sao ka misy adino. FITIAVANA: Mety tsara raha anio ianareo no mana dingana.

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

ASA: Hilamina tsy hisy ahiahy ny asa ho ataonao amin'ity anio ity. FITIAVANA: Aza kizitina ianao, sao ka ho tezitra eo koa ilay olon-tianao.

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Aza tantaraina amin'ny mpiaramiasa daholo izay zavatra ataonao. FITIAVANA: Mhaiza foana mankasitra-ka izay misy eo aminao.

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Mila miasa mafy ianao anio fa somary maromaro ireo asa miandry anao. FITIAVANA: Mba fidio ihany izay vava avoakanao anio fa somary be kizitina ny olon-tianao.

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Efa manomboka voafehinao ilay asa napandreketina anao anio. FITIAVANA: Aza mifailafila ianareo fa mifankatiava hatrany.

Adaoro 15 febroary - 15 martsa

ASA: Manan-talenta ianao ka ampiaro izany talenta anananao izany. FITIAVANA: Raha misy ny olana dia tadiavo ny vahaolana.


Adizaosa 16 martsa - 14 aprily

ASA: Aza atao sakana tsy hiasanao ny tsy fisiana ara-bola. FITIAVANA: Rehefa mifankatia ianareo dia ampy izay fa aza henoina akory ny vavan'ny manodidina.

TENY MIRANDRANA Lah. 7839

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

- ANAO, ASOSA, DINTA, AMINAO, SAINAO, MANOMPA, SAOKANI, MIANGAVI, ZANDRINI, SAMBOADI, MPITROSA, AMBOADIA, AMBADIKA, NIVARINANI, KAODIKAODI.



KAKURO 813

Kakuro 813 grid with numbers and empty cells for digits.


Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalana napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Mba halana ny faritra mainty amin'ny vilany vokatry ny fahamaizany, rarahao vovo-tsira dia avelao hilona adin'ny iray eo ho eo dia sasao toy ny mahazatra avy eo.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny lalao omaly : MITSOAKA + SATRIKO + TSINAINY = TSORINAY

RESAK'

- Tsy misy atahorana io aretina mahazo anao io, hoy dokotera tamin'ilay marary, fa araho tsara ny torohevitra omeko anao. Ny takiko aminao dia ny fihinana voankazo matetika ary miaraka amin'ny hodiny mihintsy. Fa inona kay ny voankazo ankafizinao indrindra?

HEHY

- Garana no tena tiako.

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

Word search puzzles with letters and symbols in grids.

Valin'ny lalao omaly


MATY TSY TRA-DRANO IREO VOAN'IZANY

TENY MIDINA

- 1. Mpanondro, 2. Bengy, 3. Voahodidin-drano, 4. Rangopohy, 5. Sobaba

Valin'ny TENY MIDINA omaly

- 1. AO, 2. OTA, 3. ATAO, 4. TAONA, 5. ATOINA




DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



TONDRO-TENY



Valin'ny tondro-teny omaly

F A T A K A. O • A N A N. T O V A N A. O • A L A •. T O • A • F. R • A N A O. A L O A N I.

## HOTSAKOTSAKOINA

"Raha handany fotoana hiresahana ny hafa ihany dia aleo mivavaka ho azy, fa ho hitanao ny vokany. Ianao hahita fahasambarana, ny hafaliany koa tsy hifarana."  
Ny Vetso (03/10/16)  
("If you spend time praying for people instead of talking about them, you will get better results."  
Joel OSTEEN)

## Minisiteran'ny Foloalindahy

## Tale jeneraly roa nandray ny asany



## Ireo Jeneraly nahazo andraikitra vaovao.

Notanterahina omaly tolakandro teny amin'ny Ministeran'ny Foloalindahy Ampahibe ny famindram-pitantanana teo amin'ny Jeneraly Razafitombo Ely, voatendry ho Mpandrindra ankapobeny ireo tetikasa eto anivon'ny Minisiteran'ny Foloalindahy, sy ny Amiraly GA Jacquy Honoré izay nitana ity toerana ity teo aloha, ka efa voatendry ho Mazaoro jeneralin'ny Tafika eo anivon'ny Etamazaoro herinandro vitsivitsy lasa izay. Nanome voninahitra ny fotoana ny Minisiteran'ny Foloalindahy, ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin, ary nanotrona izany kosa ireo tompon'andraikitra ambony isan-tsokajiny eo anivon'ny Minisiteran'ny Etamazaoro. Nisy ny toromarika nampitain'ny Minisiteran'ny Foloalindahy ho an'ireo mpiara-miasa rehetra eo anivon'ny Minisiteran'ny iandraiketany, amin'ny tsy maintsy hanatontosana an-tsakany sy an-davany ny asan'ny tsirairay, mba hitondra vokatra mahomby, sy hanatratrana ny tanjona mifandraika amin'ny pôlitikan'ny fiarovana sy ny fametrahana ny fandiampahalemana maharitra eto amin'ny Firenena.

## Polisim-pirenena

Ankoatra izay dia tontosa ny alakamisy teo koa tao amin'ny Toby Razafindrazaka Berthin tetsy Antanimora ihany koa ny fikamindram-pitantanana teo amin'ny Talen'ny Fitaleavana ny Fikarohana sy ny fiofanana teo aloha, ny « Contrôleur Général de Police » Rakotoarimanana Herilala izay voatendry ho Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka sy ny Tale vaovao, ny « Commissaire Divisionnaire de Police » Rasoamananjara Pierette Marie Françoise. Nanome voninahitra ny fotoana ireo mpiara-miasa akaiky amin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

## Deyland

## Gazetiko

Novokarina sy natontan'i  
MIDI MADAGASIKARA S.A.  
Sosaiety tsy anavahana anarana  
manana renivola  
Ar 37 452 000  
Tale jeneraly :  
Jeremy RABESAHALA  
Talen'ny Fanoratana :  
Lucien RAHARISON  
034 34 697 06  
Talen'ny Famoahana sady  
Tonian'ny Fanoratana :  
Herivonjy RAJAONAH  
034 34 697 10  
Biraosy fandraharahana :  
Lalana Ravoninahitriniarivo  
B.P. 1414 - Antananarivo  
Tél : 038 34 344 34  
Fax. 22 273 51  
e-mail : midigazetiko@gmail.com  
D.L.I : 16 622 - 04 - 24  
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

## Akoho nahandro karana

Zavatra ilaina : akoho 1, tongolo be 2, yaourts natiora 2, tongolo gasy 6, dibera 20g, curry 1 sotro kely, kanelina 1, hani-maitso isan-karazany, tamotamo 1 sotro kely, sira sy dipoavatra, menaka. Hafanao ny dibera anaty vilany dia asio menaka kely koa. Arotsahy ao ny tongolo gasy, tongolo be voavaofy sy notetehina, dia endaso. Arotsahy ao ny akoho izay nesorina ny hodiny. Kapohy ny yaourt miaraka amin'ireo dia asio curry sy sira ka araraho eo ambonin'ny akoho. Masaho tsara. Etsy ankilany, afangaroy ny kanelina, ny tamotamo sy sakay kely raha tianao, dia potsero tsara. Arosoy mafana ny akoho ka araraho ery ambony ny saosy. Hanina amin'ny vary no tena tsara na koa "couscous".

## MANAMPY ANAO

Permanences  
06 avril au 12 avril 2024

PHARMACIE DE GARDE  
ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7  
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61  
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86  
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arrêt bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29  
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50  
- MAHAVOKY - Andraovohangy 020 22 255 51/034 89 056 09  
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06  
PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7  
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84  
Grazia - Itaosy - 034 67 733 62  
Anosizato - 020 22 631 43  
Ambohoboo - 020 22 482 64  
Avaradrano - Analamahitsy - 020 22 423 65  
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94  
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51  
Hasin'ny Aina - Mandrosoza - 034 99 776 21  
Ivato - 020 22 442 95  
Ambohitrarimo - 034 29 358 45  
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94  
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03  
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64  
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30  
Ambohimagakely - 034 25 372 52  
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75  
Fitaviana - Ankadikely - 020 22 436 33  
Amaronakona By Pass - 034 36 115 15  
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67  
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02  
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25  
Abondance - Ifarify Ankarobato - 034 75 214 36  
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47  
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07  
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23  
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42  
Soa Ny Aina - Tsarahonana - 034 31 018 20  
MA Pharmacie - Ambohijanka - 032 11 102 11  
Ankarobato en face CSBII - 034 64 330 62

## A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52  
ANTANIMENA TEL 22 303 86  
TALATAMATY TEL 22 588 51  
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

## AMBULANCE

SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA  
TEL: 0349023555 / 0334823555  
AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22  
AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24  
TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73  
MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69  
CDU (Centre de diagnostic et d'urgence médical)  
TEL 22 329 56 / 032 07 822 28 / 033 11 822 28  
AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO  
TEL 033 11 313 85  
MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA  
TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11  
CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO  
AMBANIDIA (MANAKAMAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)  
CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60  
AMBULANCE ET URGENCE CRTM - 01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVISIONA



## SAMEDI 06 AVRIL 2024

06.00 : Oran'ny fanantenana  
06.35 : Salama va  
07.30 : Mahandro ©  
08.00 : Dessins animés  
09.30 : Film Jeunesse  
11.00 : FAM  
12.00 : Météo  
12.05 : A Votre Santé  
13.30 : Série ©  
13.45 : Film Comédie  
15.45 : Ny Vehivavy  
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy  
17.30 : Art Culinaire avec chef Dino  
18.00 : Reportage : Chine-Afrique  
18.15 : Fandaharana manokana  
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire  
19.00 : Les infos de Ma-TV  
19.30 : NY VAOVAON' NY Ma-TV  
20.15 : Ankarihary  
21.00 : Film Action  
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL  
23.45 : Film Dramatique  
01.30 : Documentaire  
03.00 : Film Romantique  
05.00 : Antsam-piderana  
DIMANCHE 07 AVRIL 2024  
06.00 : Amboaram-pamonjena

07.00 : Les olivers/SEDERA  
07.25 : Feon'ny Pentekosta  
08.00 : Kristy mandamina  
08.35 : Oran'ny fanantenana  
09.00 : Rhefi  
09.45 : FJKM  
10.45 : FAM ©  
12.00 : METEO  
12.05 : Vaovao antsiara  
12.30 : SPECIAL LIVE  
13.50 : Série ©  
15.20 : Film Jeunesse  
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery  
18.00 : Divertissement  
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire  
18.55 : METEO  
19.30 : Mahery  
21.00 : Film Romantique  
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL  
23.45 : Film Action  
01.30 : Magazine  
03.00 : Film Aventure  
04.45 : Mahafinaritra  
06.00 : Oran'ny fanantenana

## DIMANCHE 07 AVRIL 2024

06.30 : Tables de Mada ©  
07.00 : Smiling Time  
08.50 : Zik Zag ©  
09.20 : Docus  
10.00 : Cinéma  
12.00 : Mecamag  
13.00 : L'intégrale  
14.00 : Cinéma  
16.00 : Passion d'Ados  
16.15 : Jv News  
17.00 : HAVOTAFLO  
19.00 : Alalino  
19.25 : Vanitika  
20.00 : Ny Vaovao  
20.25 : Le Journal de l'économie  
20.50 : Cinéma  
22.40 : 7 Jours sur la planète  
23.00 : Ny Vaovao ©  
23.50 : Cinéma  
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV  
\*\*\*\*\*  
06.15 : Racines d'Afrique  
06.30 : So COOL  
08.45 : Mozika  
10.00 : Shopping TV



## SAMEDI 06 AVRIL 2024

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI  
06.00 : JOURNAL ©  
06.30 : D A / DIVER  
09.00 : TOI MON AMOUR ©  
12.50 : HIRANTSIKA  
14.00 : DOCUMENTAIRE : MAGAZINE  
14.25 : ASINTADO ©  
19.45 : DIVERTISSEMENT  
20.00 : ALEO RESAHANA  
21.00 : PAROLE DE VIE  
22.00 : FILM  
DIMANCHE 07 AVRIL 2024  
05.30 : HIRA FIDERANA  
07.00 : FILM  
08.36 : DESSINS ANIMES  
09.36 : DIVERTISSEMENT  
11.00 : DESSINS ANIMES  
13.00 : HIRANTSIKA  
13.30 : ALEO RESAHANA ©  
14.30 : DIVERTISSEMENT  
16.00 : FILM PARLE MADAG-SCAR  
19.30 : HIRA FIDERANA ©  
21.00 : DIVERTISSEMENT  
22.00 : FILM

## TELEFAONINA ILAINA

## HOPITAUX ET CLINIQUES

033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64  
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO  
TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55  
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72  
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIK TEL 23 397 51  
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79  
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93  
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30  
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11  
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54  
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHAHA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 /

## AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO  
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

## POMPIERS

- TSARALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86  
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

## POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

## COMMISSARIATS

- 1<sup>er</sup> ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54  
- 2<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46  
- 3<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30  
- 4<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51  
- 5<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48  
- 6<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52  
- 7<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29  
- 8<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE 034 02 00 911  
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46  
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66 / 034 02 088 16 / 034 02 00 911  
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL  
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1<sup>er</sup> ETAGE  
TEL 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

# Teny rehetra teny

Sary : Kelly R ; soratra : Mamy R.



Nigadona any Kigali ny Filoha Andry Rajoelina. Nitsena azy ny Ministry ny raharaham-bahiny tao an-toerana.



Tany amin'ny distrikan'i Manjakandriana, Atoa Solofo Jocelyn Razafindrakoto notronin'ireo vahoaka mpanohana azy, no nisantatra ny fanaterana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana ho solombavambahoaka, misalotra fanevan'ny vovonana isika rehetra miaraka amin'ny Andry Rajoelina.



Tontosa tao amin'ny Havoria Anosy ny famindram-pahefana teo amin'ny tale jeneralin'ny Ofisin'ny Radio sy Televiziona Malagasy ORTM teo aloha, Jean Yves Belalahy (anka vanana) sy ny tale Jeneraly vaovao Nampoina Ranarivelo (ankavia).



Nanatrika izany ny Ministry ny Serasera Andriamananoro ka notsindriany tamin'izany ny hoe manana adidy ny haino aman-jerim-panjakana hamerenana ny Malagasy ho iray vala



Nanao tatitra ny asa vitany nandritra ny taona 2023 teny Ambohijanaka ny Sampandraharaha Misahana ny Famerenana amin'ny Fanjakana ny Harena Rehetra azo tamin'ny tsy Ara-dalana tarihan'Ing. Rasoloharimanana Aimé omaly.



Fantatra nandritra izany fa 6,3 Miliara Ar ny vola novejaina tamin'iny taona niv alona iny ary 93 ny fiara.



# #Paré



Orange  
Money

**Afaka manokatra compte Orange Money Na inona na inona puce ampiasainao. **Dimy minitra monja dia Paré !****

Telechargeo ny application 



orange™